



Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ireo mitory hasambarana, mpamafy fanantenana!

*“Satria ny finoana amin'ny fo no ahazoana fahamarinana; ary ny fanekena amin'ny vava no ahazoana famonjena, araka ny tenin'ny Soratra Masina hoe: “Izay mino azy tsy mba ho menatra. Fa izay rehetra hiantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena. Hatao ahoana àry no fiantso izay mbola tsy ninoana? Hatao ahoana no fino izay mbola tsy re? Hatao ahoana no fandre raha tsy misy mitory? Ary hatao ahoana no fitory raha tsy misy irahina? Arakany voasoratra hoe: Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ireo mitory hasambarana! Tsy ny rehetra anefa no nanaiky ny Evanjely, arakany tenin'Izaia hoe: Tompo ô, iza no nino ny teny notorinay? Koa avy amin'ny toriteny ny finoana; ary avy amin'ny tenin'Andriamanitra ny toriteny. Fa hoy izaho: Sao dia tsy nandre izy ireo? Tsy izany akory; lasa nanerana ny tany rehetra ny feony, ary tonga hatrany amin'ny faravazan-tany ny teniny” (Rm 10, 10-18).*

Io Tenin'i Md Paoly tamin'ny Romanina no raisiko ho fampidiram-pivolognana amintsika satria tena mamintina izay iriko hifampizarana amintsika Olo Araiky amin'izao fanombohan'ny taona pastôraly izao.

1. Manomboka ny Taona Pastoraly Vaovao.

Fomba mahazatra amin'ny fanombohan'ny taona tahaka izao ny mifampiarahaba sy mifanolotra firarian-tsoa. Mbola hindrana an'i Md Paoly indray aho eto hitsodrano antsika tsaraikaraike : “ary tsy tapaka ny mahatsiaro eo imason'Andriamanitra Raintsika ny asan'ny finoanareo, sy ny fahafoizan-tenan'ny fitiavanareo, ary ny faharetan'ny fanantenanareo an'i Jeso-Kristy Tompontsika; fa fantatray, ry rahalahy malalan'Andriamanitra, fa olom-boafidy ianareo, satria ny fitorianay ny Evanjely tany aminareo dia tsy tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery koa, sy tamin'ny Fanahy Masina, ary tamin'ny fampiekena tanteraka; sady fantatrareo koa izay toetranay tany aminareo ho an'ny famonjena anareo. (I Tes 1, 3-5).

Ka ny Fahasoavan'Andriamanitra anie homba antsika mandrakariva...

2. Inona no atao hoe “Taona Pastoraly”?

Taona ikatrohana,itoriana ny Vaovao Mahafaly ka iezahana handalinana ny finoana mba samy hanana finoana velona, mba samy hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana. Ny finoana tokoa no mahavoavonjy... Tsara ihany koa ny mamaritra fa tsy lova ny finoana... fa fanomezan'Andriamanitra izay ankatoavana amin'ny alalan'ny safidimpianana ka mahatonga zanak'Andriamanitra... Fivelomana ny maha kristianina... hanehoana fa mpanara-dia an'i Kristy (avy amin'i Kristy ny teny hoe Kristianina (Jereo Asan'ny Apostoly 11, 26) ary “*noho izany anarana izany aoka tsy ho menatra amin'izany, fa vao mainka hanome voninahitra an'Andriamanitra aza...*”(1 Pi 4, 16)... Entanin'ny Fanahy Masina, Olo Araiky ao amin'Andriamanitra, Fianakaviana Araiky ao Aminy isika, ka afaka miara-miantso hoe : Baba (Jereo Rm 8, 15 sy Gal 4, 6)

Ahoana anefa no ahafahana miakiky an'i Baba raha tsy mino... tsy afaka hino raha tsy misy MITORY... Mila MPITORY, MAMPIANATRA (katesizy)... fa indrindra amin'izao andro izao ary indrindra indrindra ny faritra misy antsika.

Tsara tokoa ny mahafantatra fa raha ny tombatombana avy amin'ny fanadihadiana atao isan-taona ataon'ny Katekista (tsy misy statika ôfisialy avy amin'ny fanjakana eto amintsika) dia miisa ho 160 000 eo ho eo ny vita batemy ato amin'ny diosezy eo amin'ny mponina 1 700 000. Izany hoe 10% eo isika vita batemy. Aiza ny sisa? Marina fa eo ny manaraka fivavahana hafa nefa ny ankamaroany izany hoe 70% na mihoatra aza tsy mahalala an'i Kristy?

Ny maha-Eglizy ny Eglizy dia lzy mandalina ny finoana ka zary Famantaram-pamonjena sy Fahazavana (*Lumen Gentium* : Eglizy Fahazavan'izao tontolo Konsily Vatikana II) ka mitarika ny olona halala an'i Kristy, handray ny Famonjena!

3. Miroso àry ny dia...

Miroso àry isika. Miroso amin'ny lalindalina hatrany. (Jereo Taratasy pastôraly faharoa. Mampisaotra an'Andriamanitra ireny fandraisana an-tanana izay tsy vita tanisaina eto ireny satria am-panetren-tena no nanatanterahantsika azy. Misaotra anareo jaby..)

Na izany aza dia mamelà ahy ianareo hampisongadina ny HASIMPINOANA (denier de culte). Tena Olo Araikin'Andriamanitra isika niara-nientana. Dingana lehibe no tanteraka. Mbola be koa anefa ny sisa miandry. Mamporisika antsika handray an-tanana bebe kokoa amin'ity taona pastoraly vaovao ity. Enga anie ireo mbola niasalasa hiroso tanteraka. Mila hatsaraina araka ny fivorian'ny pretra ny fomba fanatanterahana azy. Araho ireo toromarika fa indrindra isika Komity, Mambran'ny Conseil Economique (Fiainam-piangonana), isika Katekista, Inspektera, Prezidan'ny Eglizy Fiombonana sy Eglizy Fototra ary Eglizy Iraka.

#### 4. Miara-misaotra an'Andriamanitra... Katesizy vaovao... Trano fiofanana vaovao

Mba tsy ho ezaka mandalo fotsiny fa hitohy ary ho tsaratsara kokoa hatrany ka hampivahatra tsara ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana dia hanao dingana vaovao indray isika.

Tsy inona izany fa ny fanolorana ny boky katesizy miaraka amin'ireo trano hanatanterahana ny fiofanana dia ny Centre Social Polyvalent Lucien Botovasoa, ny Centre Sprituel St Augustin ary ny Centre Sprituel sy Centre Social hiandraiketana ny Mompera Redemptorista amin'ny faritra Sava iny. Azo lazaina fa ireo no vatofehizoron'ny faha 60 taona ny naha-diosezy antsika ary vatofehizon'ny faha-50 nahatongavan'ny Misionera Redemptorista teto amin'ny diosezy. "Tsy isika tokoa fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika". Misaotra an'ireo Misionera, Relijiozy lehilahy sy vehivavy, Lahika nitony sy namafy ny Evanjely ka nahatonga antsika tahaka izao.

Miara-misaotra an'Andriamanitra koa isika noho ny fahavitan'ny boky katesizy. Mankasitraka be dia be ireo rehetra nikatroka na nivantana na tsy mivantana ka nahazoana ny boky katesizy sy ireo trano fiofanana. Tsy hadino koa ireo Mpanao soa rehetra. Vita ny Boky... Vita ny Trano (mbola misy amboariny araka ny hitantsika)...

Ny fanorenana Eglizy Olo àry izao no dingana lehibe tsy maintsy hatrehintsika. Manana anjara lehibe amin'izany ny Katesizy, ny fampianarana azy, ny fiofanana hahatonga antsika vita Batemy ho Mpitory, ho Mpamafy Hafalian'ny Vaovao Mahafaly, ho Mpampianatra tsy amin'ny teny ihany fa amin'ny alalan'ny fiainana ... Io ny vòkasion'ny Vita Batemy... Vokàkasion'ny Eglizy (jereo taratasy faha-3).

#### 5. Foto-pampianarana :

Manararaotra ny fanana an'ireo fototra sy loharano lehibe ireo aho no mizara foto-pampianarana izay mety mamaly ny hetahetantsika ihany koa hahafahantsika miatrika ny adidy eo anivon'ny Eglizy ka hahatonga antsika ho TOLAGNA marina.

##### a) *Boky Katesizy : Boky misy ny fotopototry ny finoana katolika..*

Mikasika ny boky katesizy sy fandalinam-pinoana no resahiko eto ary hanentana antsika manokana mba tsy ho tokantrano mihono isika, indrindra fa handray an-tanana, satria Eglizy ny Eglizy raha mandalina ny finoana (jereo taratasy pastoraly faha-3). Marina fa tsy mbola tena boky lavorary ny boky amin'izao (ad experimentum izany hoe mbola sedraina, mbola andrana) nefa ahafahana mandalina ny finoana. Ary amin'ny alalan'ny fampiasantsika azy no hahitantsika ny lesoka tsy maintsy harenina sy ny tokony hohatsaraina mba ho lavorary. Anjarantsika àry ny manararaotra izao dingana izao mba hirosoantsika handalina ny finoana amin'ny alalan'ny fiofanana, indrindra hizara izay notovozina mba hahay hampiasa ny talenta (Jereo Mt 25, 14-30).

##### a) Maninona no mila boky katesizy vaovao?

Ny boky no vaovao fa ny finoana tsy miova satria tsy miova i Kristy omaly anio ary mandrakizay" (Hb 13, 8).

Ny vanim-potoana sy ny zava-misy iainantsika ankehitriny no mitaky fomba fanabeazana hanambarana sy hitoriana an'i Kristy Vaovao Mahafaly (nouvelle évangélisation na inculturation). Ny fandalinana miainga amin'ny Katesizy no hanampy antsika hiatrika ny anjara toeran'ny fomban-drazana sy ny fanatontoloana ary ny karazam-pihavanana maro isan-karazany amin'izao andro iainantsika izao izay tsy nisy teto amintsika taloha.

##### d) Isika no "katesizy velona".....

Tsara anefa ny manipika fa Fitaovana ihany ny Katesizy fa ny tena marina dia isika no "katesizy velona". Tanteraka izany raha nahazo fiofanana tsara isika. Boky ny katesizy ka na dia vita rafitra tsara sy voasoratra mazava dia tsy ny katesizy (boky) no hampita ny finoana fa isika.

Mila mitohy ihany koa ny Fanabeazana tovozin'ny zanantsika. Mila mitohy ary mihalalin-dalina hatrany ireo ezaka natomboka tamin'ny fankalazana ny kongresin'ireo zaza misioneran'ny famindrampo.

Miara-misaotra an'Andriamanitra isika fa tena Fahasoavana ho an'ny diosezy iny fihaonambe iny. Mankasitraka ireo Mpanabe sy ireo nandray an-tanana fa tanteraka ny tanjona dia hahatonga an'ireo tsaiaky avy aty Avaratra na avy any SAVA ho "Apostoly", ho Misioneran'ny Famindrampo".

Merci e. Bravo les enfants. Mijery anareo izao ny diosezy. Mijery anareo ny rayamandreny. Afaka manova izao fiainana efa simban'ny ratsy ho "lanitra sy tany vao" miaraka amin'i Jesoa.

Ny tanjona dia "tsy ho akanjo asalotra, lamba apetaka fotsiny ny finoana fa ho zary aina mamelona ka tsy afaka misaraka amintsika intsony". Tsy hisy intsony ny hoe "vita raha jiaby" ka tsy hita mivavaka intsony, tsy mandray sakramenta intsony, tsy mandray andraikitra intsony eo amin'ny Eglizy ... fa tena vita tanteraka tokoa ny fiainam-pinoana" (Jereo ny anatra nataon'i Md Joany an'ireo Eglizy tamin'ny fotoan'androny Apok 3..)

##### e) Iza no nitony sy mampianatra ?

Ny Vita bateny rehetra izay mamaritra ny Tolagna ary indrindra amin'ny alalan'ny fiainana no entina mitory sy mpampianatra (fampitrahofana ny finoana sy fiainana). Ny teny tokoa manaitra fa ny atao no mahasarika araka ny voalazan'i Ols Papa Paoly faha 6: "Izao vanimpotoana misy antsika izao dia mila vavolombelona fa tsy mpitoriteny. Mihaino ny mpitoriteny izy satria mivelona izay lazainy izy ireo ka tena vavolombelona".

Na izany aza dia misy ireo nahazo fahasoavana manokana ho Katekista (ny anarana "katekista" dia avy amin'ny katesizy ary ny dikany dia mpampiantra katesizy). Mbola hisy taratasy manokana ho azy ireo ato ho ato hamaritana ny anjara toerany sy ny toe-panahy Handrasana avy amin'izy ireo... Ao ihany koa ireo mahatsapa fa manana talenta ka miditra ao anatin'ny voamieran'ny fandalinampinoana. Eglizy ny Eglizy raha manompo. Fanompoana ny fampianarana katesizy. Mila fahavonona avy amintsika. Na izany aza dia tendry ary iraka ny fampianarana katesizy sy ny maha-katekista. Ohatra velona ho antsika i Lucien Botovasoa, Mpiaron'ny Centre Social Polyvalent. Niangaviana hilatsaka ho depite izy noho ny fahaizany manentana sy mitarika olona ankoatry ny fahaizany ara-tsaina nefa tsy nanaiky fa nijanona ho mpampianatra ary mpampianatra katesizy. Izany no nahazoizany nyainy ho Martiry (vavolombelona). Mila Lucien Botovasoa maro izao androntsika izao. Ianao koa ve mba vonona? Milaza miaramahita isika fa amin'ny toerana maro dia tena vitsy ny Mpampianatra ary tsy nahazo fiofanana. Manentana anareo aho hiroso amin'ny lalindalina fa mila MPAMPIANATRA KATESIZY isika.

f) Toerana itoriana ?

Ny toerana rehetra, ary na amin'ny fotoana izany na tsy amin'ny fotoana (Jereo 1 Tim 4, 2 : "mitoria ny teny, ary mahareta amin'izany na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana...") fa indrindra eo anivon'ny Eglizy. Miainga amin'ny fianakaviana eglizy kely ...sekoly.... toeram-piasana .... fiaina andavanandro.

6. Famaranana

Mahereza àry fa maro ny fanamby miandry antsika e. Eo ampelatantsika izao ny fitaovana rehetra : katesizy, trano fiofanana, mpampianatra... Anjarantsika ny mampiasa azy ireo mba hamokatra.

Ho antsika Olo Araiky, tsarovy ary tanteraho ny vavaka ataontsika amin'ny fiantsoan'Andriamanitra : *"Tohano izahay mba hahay hanampy araka ny herinay rehetra, ireo izay anatsoinao ka manaraka Anaô amin-kerim-po sy fitokiana mba ho "tanga anie ny Fanjakanao;".....* Izao ny fotoana tsara entintsika hanatanterahana io tonombavaka io ka handraisantsika an-tanana na ara-panahy (vavaka...) na ara-tsaina (toro-hevitra...) na ara-nofo (vola...), hanampiana ireo vonona hamaly ny antso ho katekista, ho mpampianatra sns..., hanampiana ny toerana fiofanana...

Alao hery sy tanjaka àry fa miroso ny dia hanorenantsika ny Eglizy Olo... Tsy isika fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika...

Mitsodrano anareo aho mba ho taom-pahasoavana tokoa ity taona pastôraly vao miantomboka ity ka hamokatra be. Ankinintsika amin'ny Fo Masin'i Jesoa Mpiaron'ny diosezintsika sy amin'ny Fo Madion'i Maria. Mivavahà ho an'ity Mpanomponareo hahafahany manefa ny adidy napetraky ny Tompo taminy.

+ Mompera Eveka Ramaroson Benjamin Marc, cm

27 Septambra 2016

Fankalazana an'i Md Vincent Depaul, Mpiaro Faharoa an'i Madagasikara

*Benjamin  
e.m.*



*NB : Vakina matetika ity hafatra ary apetaka amin'ny "affichage" mba hanampy antsika hahay azy tsara. Tohizana ny vavaky ny fianakaviana (na dia tapitra aza ny sinaoda. Atao sabotsy andron'ny fianakaviana sy amin'ny alatsinainy), ny vavaky fitalohan'ny Famindrampo (alahady, talata), ny vavaka ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra (alarobia, alakamisy), ny vavaka fanokanantena amin'ny Fo Masin'i Jesoa (Zoma fa indrindra ny zoma voalohany volana). Tohizantsika ihany koa hamafisana aza ny fambolena-kazo ary ny fiarovana izay efa nambolena mba ho "diosezy maitso" tokoa ny diosezintsika*

## IRAKA VAOVAO HO AN'NY PRETRA ETO AMIN'NY DIOSEZY TAONA PASTORALY 2016

- 2 – VIAL Jean-Claude, Vicaire Général, Curé Fo Masin'I Jesoa Katedraly, Curé par interim Md Josefa Ambilobe
- 3 – JAOMAMY Félicien, Vicaire Général, Curé Mb Terrezin'i Jesoa Zazakelin'i Jesoa Sambava
- 4 – ABRAHAM Victor, Vicaire Fo Masin'I Jesoa Amboangibe
- 5 - RAKOTAZAFY Eustache Jérôme Aumônier ACP, Supérieur de la Communauté TRINITAIRE
- 6 – ANTILAHY Jean-Baptiste, Curé Immaculée Conception Andapa
- 7 – BE Martial , Vicaire Mb Terezin'i Jesoa Zazakelin'i Jesoa, Sambava
- 8 – BEDIMASY Norbert, Curé Mb Jeanne D'Arc Ambalamasy II
- 9 – BERNARD Vincent, Aumônier des Hôptuax Antsiranana
- 10 – BESABOTSY André, Archevêché
- 11 – BESON Alpin, Vicaire Masina Maria Anivorano
- 12 – BETALATA Michel Gérard, Educateur au Petit Séminaire Saint Jean Apôtre Aumônier MDMK
- 13 - BEVAZAHA Sylvain, Recteur Séminaire Bx Paul VI
- 14 – BEZAKA Miandra Alison, Vicaire Fo Masin'i Jesoa Cathédrale
- 15 – BEZAMANY Pierrot Gidlin, Vicaire Fo Masin'i Jesoa Katedraly , DDEEC,, Archevêché
- 15 – BOTOLAHIBE Gustave Lezoma Véronique, Curé Saint Coeur Très Pur de Marie Antalaha Ambondrona
- 16 – RAHARISON Benito, Curé Kristy Mpanjaka-Aumônier Militaire, Communauté Trinitaire
- 17 - ETIENNE, Vicaire Mb Jeanne d'Arc Ambalamanasy II "
- 18 – FAHAMANANA Elisée, Vicaire Masina Maria Anivorano Nord "
- 19 – FANIVANA Jean Michel, Responsable de Formation Catéchétique du diocèse, Tanambao ND de l'Assomption
- 20 – OTT JEAN PAUL, Curé St Michel Joffre ville,
- 21 – FENO Jean Stanislas, , Curé Fo Madion'i Maria Antanifotsy (Sambava)
- 22 – GUERRERO Georges, Vicaire Kristy Mpanjaka Ampanefena
- 23 – IATAMO Jean Marie, Aux Etudes au Bénin
- 24 – JAOHITA Edibert, Curé Md Joseph Ankoalabe
- 25 – JAOMPETY Jérémie, Vicaire Fo Madion'i Maria Antanifotsy
- 26 – JAOVELO Rémi, Fidei Donum Poitiers "
- 27 – JAOZANDRY Venance, Aumônier de Monastère des Sœurs Bénédictines
- 28 – JAOZARA Patrick, Bibliothécaire + Educateur Grand Séminaire Bx Paul VI
- 29 - JAOTOMBO Gabriel, Econome du Diocèse Archevêché
- 30 – JOACHIM Commode, Curé Md Josefa Agnaborano Ifasy
- 31 - MARIVÉLO Brice, Curé Kristy Mpjanjaka Ampanefana
- 32 - MORAAnjara Hervé, Fidei Donum Susa Italie
- 33 – MOSESY Adrien, Curé OltsVictoire Rasoamarivo
- 34 – NAVA Roger, Curé Mb Terein'i Jesoa Zazakely SIRAMA
- 35 – RABESON Olivier, Vicaire Fo Masin'i Jesoa Amboangibe
- 36 - BARY Théophile, Curé Fo Masin'i Jesoa Vohémar
- 37 – RAJAONARIVO Philippe, Vicaire Saint Coeur Très Pur de Marie Antalaha Ambondrona

- 38 – RAKOTOARISOA Jean Damien Pierre, Vicaire Immaculé Conception Andapa  
 39 – TOMBOFENO Michel, Supérieur Vicaire Fo Masin'i Jesoa Vohémar  
 40 – RAMANANATSOA Richard, Vicaire Kristy Mpanjaka Aumonier Militaire  
 41 – RALAIHASO Maurel, Curé Fo Masin'i Jesoa Amboangiba  
 42 - RAMALAZA Rolin Angelot, Vicaire Md Joseph Ambilobe Aumônier Antily Fanilo  
 43 – RAMBELOSON Didier Donatien Vicaire Mb Terezin'i Jesoa Zazakely Sambava  
 44 – RANDRIAMAHALAZA Jean-Jacques, Vicaire St Joseph Ankoalabe  
 45 – RANDRIAMAROLAHY Germain, Vicaire Md Joseph Ambilobe  
 46 – RANDRIANAHASINA Théogène Curé Md François de Sales Ambohimandroso  
 47 – JAOFETY Amedé, Vicaire Md François de Salle Ambohimandroso  
 48 – RATEFY Pierre Flavien Tsaramaro, Recteur Petit Séminaire Saint Jean Apôtre  
 Accompagnateur des séminaristes Aumônier Tanora  
 49 - RATSIRAHONINA Andriantahina Hyacinthe, Aux Etudes Ambatoroka  
 50 – RAVELOSON Célestin, Vicaire Mb Terezin'i Jesoa Zazakelin'i Jesoa Sambava  
 51 - RAZAFIMANDIMBY Manambelo Sylvain, Vicaire Md Josefa Agnaborana Ifasy  
 52 - RAZAFINDRAKOTO Jacques Joseph, Professeur Séminaire Paul VI  
 53 – SHUTTER Henri, Foyer Brottier  
 54 – SOAVINA Muchacho, Recteur Séminaire Propédeutique Mahajanga  
 55 - Francesco, Stage Diaconal Mb Terezin'i Jesoa Zazakelin'i Jesoa Sirama,  
 56 – TIDA Pierre André, Curé Masina Maria Anivorano Nord  
 57 – TOTOZAFY Jean-Louis, Accompagnateur spirituel à Paul VI, Aumônier 3F Iray Aina  
 58 – TSIAZONALY Georges Luc Omer, Préfet des études Paul VI, Aumônier diocésain ACI,  
 Responsable liturgie diocèse  
 59 - Eldorado, Vicaire Nd de l'Assomption Tanambao  
 60 – ZAFISORATRA Simon, Directeur Radio Faniry, Responsable formation permanente, de  
 l'archidiocèse, Aumônier Université Prof au Grand Séminaire sy UCM Aumonier FET  
 61 - VELONJARA NOVY Raphaël, Vicaire Immaculée Conception Andapa  
 62 - Jean Denis, Vicaire Md Joseph Ankoalabe  
 63 – TSIHOESA BERTRAND, Vicaire Ampanefena  
 64 – LANDRY THIERRY, Mb Terezin'i kely Jesoa Zaza Sambava  
 65 - AINA Tsiresimiandra Mampitony Jean Luc, Educateur Petit Séminaire St Jean Apôtre

Ireo Seminariste Régents sy ny toerna misy azy ireo (mety miova noho ny filana tampoka)

- 01 RAZAFINANDRASANA Betina Oliance(2<sup>ème</sup> Année), Archevêché  
 02 RATOTOZAFY Angelo Judicaël (1 ère Année), Fo Madion'i Maria Antanifotsy  
 03 TOMBOZARA Ricolin (2<sup>ème</sup> Année), Fo Madion'i Maria Antanifotsy  
 04 RAJAO Arnaud (1 ère Année), Immaculée Conception Andapa  
 05 VINA Douglas (2<sup>ème</sup> Année), , Immaculée Conception Andapa  
 06 RAHAVANA Berchmans (2<sup>ème</sup> Année), Notre Dame de l'Assomption Tanambao  
 07 BEANJARA Elie Suharto (1 ère Année), Petit Séminaire Saint Jean Apôtre  
 08, ELISIOT Jean Hugues (1 ère Année), RADIO FAGNIRY  
 09 TINA Dolin (2<sup>ème</sup> Année), Sacré Cœur de Jésus Amboangibe

- 10 BESILIMANANA Géraldo (2<sup>ème</sup> Année), Sacré Cœur de Jésus Cathédrale  
 11 RAZAKA Jean Prisca (1 ère Année), Sacré Cœur de Jésus Cathédrale  
 12 Nicolas Jean VELONIRA (1 ère Année), Saint Cœur Très Pur de Marie Antalaha  
 13 RAZAKA Soloniaina Adrien (1 ère Année), Saint Cœur Très Pur de Marie Antalaha  
 14 BEMANANA Tommy Djaïda (2<sup>ème</sup> Année), Saint François de Salle Ambohimandroso  
 15 TSALY Jean Yves (2<sup>ème</sup> Année), Saint Joseph Agnaborano Ifasy  
 16 BE MAROHAVANA Frédéric (2<sup>ème</sup> Année), Saint Joseph Ambilobe  
 17 NIVOLALA Odon ( 1 ère Année), Saint Joseph Ambilobe  
 18 VELOMANANA Jean Edyno (2<sup>ème</sup> Année), Saint Joseph Ankoalabe  
 19 RAHARIMALALA Jean Rodolph (2<sup>ème</sup> Année), Sainte Jeanne d'Arc Ambalamanasy II  
 20 HERINANDRASANA Jean Armel (2<sup>ème</sup> Année), Sainte Thérèse Sambava Centre  
 21 BE Flot Young Fridano ( 1 ère Année), Sainte Thérèse SIRAMA  
 22 RABARIJONA Barthélemie (2<sup>ème</sup> Année), Sainte Vierge Anivorano Nord  
 23 ZAFITOMBO Gibio (2<sup>ème</sup> Année), Séminaire Propédeutique Majunga

#### Ireo Mompera Aumônier

- Tanora : RATEFY Tsaramaro Pierre Flavien
- Fianakaviana : JAOMAMY Félicien (V.G)
- CDS : Jean Claude VIAL (V.G)
- Apostolat de la Mer : Jean Claude VIAL (VG)
- FET : Jaomamy Félicien –Zafitsoratra Simon
- 3 F (Ibalita sy Imaitsoanala, TAK, Iray Aina): TOTOZAFY Jean Louis
- MDMK : BETALATA Michel Gérard
- OPM : MORASIDY Etienne
- Antily sy Fanilo : RAMALAZA Rollin
- Justice et Paix : FAHAMANANA Elysé
- ACI et JIC : TSIAZONALY Georges Luc Omer
- VVS Caritas : JAOTOMBO Gabriel
- Aumonerie Militaire : RAHARISON Benito
- ACP : RAKOTAZAFY Eustache Jérôme